
# ASABOTSY MASINA - TAONA - B



*Efa nitsangan-ko velona i Jesoa Nazareanina, Ilay nofantsihana tamin'ny Hazofijaliana*

**Vakiteny I :** Jen. 1, 1-2, 2
VAkiteny II **:** Jen. 22, 18
**Vakiteny III :** Eks. 14, 15 — 15, 1
Vakiteny IV : Iz. 54, 5-14
Vakiteny V : Iz. 55, 1-11
Vakiteny VI : Bk. 3, 9-15. 31 — 4, 4
Vakiteny VII : Ez. 36, 16-17a. 18-28
Rôm 6, 3-11
**Evanjely :** Mk. 16, 1-8

Ry Kristianina havana, rehefa nangina sy toa resy isika nandinika ny fahafatesana omaly Zomà masina, amin'izao fiaretan-tory, alina masina, izay ankalazantsika sahady ny fitsanganan-ko velona izao kosa dia faly mitotorebika isika fa nandresy ny Tompontsika. Raha misy Asabotsy Masina misy akony manokana ho antsika dia ity Asabotsy Masina ity.

Alina tomaratra soa no fiantsoantsika ity alina miavaka ity izay entintsika miandry ny Paka fandalovana.

Misy fizarana efatra ny fankalazana izao alina masina izao, manambara ny "passage" ny fiaretan-tory ataontsika, miala amin'ny fahafatesana ka miditra amin'ny fiainam-baovao.

Ny fizarana voalohany dia ny fankalazantsika an'i Kristy Fahazavana. Noho ny fahotana dia ivelan'ny fanjakan'Andriamanitra isika, ny Eglizy no tranobe iombonana ka ny fidirantsika an-deglizy no manambara ny fidirantsika indray amin'ny fanjakan'Andriamanitra noho ny fanavotan'i Kristy. I Kristy miala amin'ny fahafatesana sy ny haizin'ny fahafatesana no mampiditra antsika amin'ny fahazavana. Izany no mahatonga antsika tsy mamelona jiro ao an-deglizy amin'ny fanombohana ny fiaretan-tory fa miditra miaraka amin'ny fahazavan'ny labozia mirehitra isika mba hanambarana fa i Kristy no nandresy ka mitondra fahazavana amintsika, amin'ny fiainantsika. Ny fidirantsika ao an-deglizy no manambara fa Olo Araiky

isika zanaky ny fahazavana irahina hitondra ny fahazavan'I Kristy eo anivon'izao tontolo izay very repères…

Ankalazaina ny Asabotsy masina fiaretan-tory rehefa maty masoandro mba hanambarana ireo tandindona marobe amin'izao fankalazana izao. Manambara ny "passage" miala amin'ny ratsy ho amin'ny hatsarana. Tsy hoe mahatsiaro na mankalaza fotsiny isika fa noho ny herin'ny Fanahy Masina dia zary fiainana ho antsika izao fankalazana izao. Zary "passage" fialana amin'ny haizina, fialana amin'ny faharavana nentin'ity KORONTANAVIRUS ity ka mampiditra amin'ny fahazavana, miala amin'ny ratsy ka miditra amin'ny tsara, miala amin'ny fahafatesana ka miditra amin'ny fiainam-baovao, miala amin'ny tsy fahafantarana ny lalan-kombana ka mandray ny Tenin'Andriamanitra, miala amin'ny fanandevozan'ny fahotana ka tonga zanak'Andriamanitra amin'ny alalan'ny batemy.

Izany rehetra izany no Paka ankalazaintsika izao.

I Kristy fahazavana, afo vao, ny jiron'ny Paka no manambara amintsika fa nitsangan-ko velona i Kristy, miala amin'ny haizin'ny fahafatesana ka miditra amin'ny fiainam-baovao.

Afo fahazavana, afo manambara an'izany fiainam-baovao santarin'i Kristy amin'ny Paka mariky ny fandreseny izany. Izy no fahazavana ho antsika ka mahatonga antsika rehefa miditra ao amin'ny Eglizy manambara hoe : "Inty ny fahazavan'i Kristy". Miara-mihoby isika rehetra hoe :"Isaorana anie Andriamanitra" satria nandray ny fahazavana isika. Izany no mampiavaka manokana ny hira "Exultet" ny alina tomaratra soa amin'ny andininy fahafito milaza hoe "*O, Ianao, ry Alina iny ! E, nahita ilay nijaly - Nofantsihana ianao, nofantsihana ianao : Ilay maty fa nandresy ka nitsangana ho velona ; Eny sambatra ianao amin'ny alina rehetra! O, ry alina tsilovin-jiro izao! Mankalaza anao izahay noho izy Kristy fahazavana".* Manambara fandresena avy amin'ny haizina ka miditra amin'ny fahazavana isika. Manomboka eto anefa dia isika no zary fahazavana ka mizara izay fahazavana izay amin'ny manodidina antsika. Izany no nataontsika teo.

Ny fizarana faharoa dia ny fankalazantsika an'i Kristy Tenin'Andriamanitra izay miavaka tokoa amin'ity alina fiaretan-tory ity.  Vakiteny 8 no aroson'ny Eglizy amintsika ho dinihina sy ankalazaina mandritra ny fiaretan-tory. Notsongaina ireo vakiteny ireo hanambarana ny lalana mamakivaky ny fiainantsika tsizarizary ka mahatonga antsika amin'ny fiainam-baovao sy amin'ny fitsanganan-ko velona. Izany no mahatonga ny fihobiana amin'ny voninahitra alohan'ny famakiana ny taratasin'i Md Paoly. Mihira ny voninahitra isika amin'izao alina fiaretan-tory izao satria Andriamanitra nitantana antsika nandritra ny Dia sy Ady nataontsika nandritra ny 40 andro ny karemy ka ho fiombonana Aminy tanteraka dia ataontsika maredona tsara ny voninahitra.

Ny vakiteny 4 voalohany ao amin'ny Testamenta taloha dia mampahatsiaro antsika ny alina tamin'ny fahariana an'izao tontolo izao, ny sorona nataon'i Abrahama, ny fiampitana ny ranomasina mena ary ny fahatongavan'i Mesia.

Ka ny vakiteny voalohany mitantara ny alina voalohany dia ny alina nisehoan'Andriamanitra tamin'izao tontolo izao, tsy nisy endrika sady foana ny tany, ny haizina no nanarona azy, ny hantsana sy ny fanahin'Andriamanitra nisonenika tambonin'ny rano. Raha fintinina mikorontana ny zava-drehetra. Inona ny zava-misy amin'izao vokatr'ity KORONTANAVIRUS ITY ; mikorontana tanteraka ny fiainantsika. Ravarava hatramin'ny fototry ny mahaolona. Ny tenin'Andriamanitra no nahatonga ny fahazavana nampisaraka ary nampisy ny lamina teo amin'izao tontolo izao. Ny korontana tokoa vokatry ny fifangaharoana. Inona tokoa ny zava-misy betsaka ny zavatra mifangaro… mila an'I Kristy Tenin'Andriamanitra isika hametraka amin'ny tena toeran'ny lamina rehetra.

Ny vakiteny faharoa mitantara ny alina dia ny alina nisehoan'Andriamanitra tamin'i Abrahama sy Sara vadiny izay fantantsika ny tantarany, dia tanteraka tamin'i Abrahama ny Soratra Masina. Efa samy antitra izy ireo nefa nomen'Andriamanitra an'Izaaka sy taranaka maro tsy tambo isaina mitovy amin'ny isan'ny kintana. Nanaiky nanao sorona ny zanany i Abrahama fa Andriamanitra no nanakana azy. Io no lazain'I Md Paoly na dia tsy nanantena aza i Abrahama dia noho ny finoana dia niroso izy. Maro ny zavatra mahakivy amin'izao. Havaozy hoy ny Papa ny fanantenana Rano velona dia I Kristy.

Ny vakiteny fahatelo dia ny alina nisehoan'Andriamanitra mba handreseny ny Ejipsianina, ny tànana maherin'Andriamanitra no nandripaka ny lahimatoan'ireo Ejipsianina fa niaro kosa ny lahimatoan'ny vahoakan'Israely. Alin'ny fahafatesana ho an'ny Ejipsianina fa Andriamanitra kosa nanavotra ny vahoakan'Israely. Alina nanehoan'Andriamanitra ny voninahiny tamin'ny Faraôna sy ny tafiny rehetra mbamin'ny kalesiny amam-pitaingin-tsoavaliny. Ka ho fantatry ny Ejipsianina fa Tompo izy Andriamanitra, rehefa hanehoany ny voninahiny i Faraôna sy ny kalesy amam-pitaingin-tsoavaliny. I Moizy kosa notantanan'Andriamanitra nandalo ny ranomasina mena, "*Hitan'i Israely ny tanana maherin'ny Tompo, nasehony tamin'ny namelezany ny Ejipsianina, ka natahotra ny Tompo ny vahoaka, ary nino ny Tompo sy i Môizy mpanompony*". Alin'ny Paka amin'ny fandalovan'ny Tompo izany. Ny vakiteny fahatelo amin'ny bokin'ny Eksaody io dia hanambaran'Andriamanitra fa miaraka amin'ny vahoakany sy manafaka amin'izay mamatopatotra azy amin'ny fiainana mandrakariva Andriamanitra. Nanavotra ny vahoaka niala avy tany Ejipta ho any amin'ny tany nampanantenaina Izy, niala tamin'ny fanandevozana ka miditra tamin'ny fiainam-baovao. Nandia tany maina teo afovoan'ny ranomasina ny vahoakan'Israely.Mamatotra sy mangeja antsika ity Korontanavirus ity ka matoky isika fa tsy maintsy afahan'I Kristy isika.

Ny vakiteny fahefatra sy ny tohiny mandrampahatongan'ny voninahitra dia mankalaza ny anjara toeran'ny fiainana ao amin'Andriamanitra izany hoe fialana amin'ny fahafatesana ka mampiditra antsika amin'ny fiainana vaovao raha miombona amin'Andriamanitra isika. "*Hatao miorina tsara amin'ny fahamarinana ianao; aoka ho lavitra anao anie ny fanahiana, fa tsy manan-katahorana ianao; ho lavitra anao anie ny fampahatahorana, fa tsy hanakaiky anao izany. Iz. 54, 14*" Andriamanitra tia antsika sy mangoraka antsika mandrakariva.

Izany koa no mbola ambaran'ny vakiteny fahadimy ka anasan'Andriamanitra antsika amin'izany fahavelomana ao aminy izany ka omeny ny fanahiny isika mba ho velona mandrakizay ary vonona izy hanao fanekem-pihavanana vaovao ka hiadam-pinaritra ao aminy isika. "*Mankanesa aty amiko, mihainoa ka aoka ho velona ny fanahinareo, ary hanao fanekena mandrakizay aminareo Aho".*

Manohy izany ny ambaran'ny bokin'I Baroka amin'ny vakiteny fahasôta fa raha miombona amin'Andriamanitra isika dia hanana fiainana vaovao. Mizotra amin'ny fahazavana ny fiainan'izay miombona amin'Andriamanitra. Izany no dikan'ny Paka ho antsika, Andriamanitra mampiombona antsika Aminy ka ho tonga vahoakany tokoa isika satria hanana fo vaovao ary hanana fanahy vaovao araky ny ambaran'ny bokin'Ezekiela mpaminany koa amin'ny vakiteny fahafito "*Homeko fo vaovao ianareo, ary hasiako fanahy vaovao ao anatinareo; hoesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo ianareo. Hataoko ao anatinareo ny Fanahiko, ary hataoko manaraka ny fitsipiko ianareo, ka hitandrina ny didiko, sy hanaraka izany. Honina eo amin'ny tany nomeko ny razanareo ianareo, dia ho vahoakako ianareo, ary Izaho ho Andriamanitrareo*".

Fintinin'i Md Paoly izany rehetra izany ao amin'ny taratasiny tany Roma hanambarany fa ny batemy dia fialana amin'ny fahafatesana fahotana ka mampiditra antsika amin'ny fiainam-baovao ao amin'Andriamanitra "*Ry kristianina havana, moa tsy fantatrareo va fa isika rehetra natao Batemy ho amin'i Kristy Jesoa dia natao Batemy ho amin'ny fahafatesany? Koa niara-nilevina taminy tamin'ny Batemy ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy ho velona tamin'ny voninahitry ny Ray, no handehanantsika amin'ny fiainam-baovao koa."*

Tanteraka izany amin'i Jesoa tafatsangan-ko velona ambaran'ny Evanjely sy ny Aleloia hiraintsika, izany no ankalazantsika ny voninahitra Ray Zanaka Fanahy masina sy voninahitr'Andriamanitra Trinite Masina izay eo anivontsika. Amin'izao Taona B izao, taonan'i Md Marka dia ny fahitan'ireo izay nandeha tany am-pasana, ireo vehivavy masina, i Maria Madelenina sy ilay Maria anankiray an'i Jesoa ary hanambarany amin'izy ireo tamin'ny alalan'Anjely hoe : "*Aza matahotra ianareo; fantatro fa mitady an'i Jesoa Izay nofantsihana tamin'ny Hazofijaliana ianareo. Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy. Mandehana haingana milaza amin'ny mpianany fa efa nitsangana avy any amin'ny maty Izy; ary indro hialoha anareo any Galilea izy, any no hahitanareo Azy; izany àry, fa efa nilazako ianareo izay"*. Izy ireo no vavolombelona amin'izany fitsanganan-ko velona izany.

Ny fizarana fahatelo dia fankalazana an'i Kristy rano velona sy fiainana. Ny fialana amin'ny fahafatesana ka hidirana amin'ny fiainam-baovao miaraka amin'Andriamanitra hahatonga antsika ho velona ao amin'i Kristy sy itoerany ka hamokatra be. Izany no ankalazaintsika an'i Jesoa Kristy loharanon'aina izay fankalazana ny Batemy ka hahatonga antsika ho olom-baovao tokoa ao amin'i Kristy, hahatonga antsika tokoa ho EOV MISIONERA.. Mila misakafo sahaza azy ny olom-baovao ary hirahina ihany koa hizara ny sakafo amin'ny manodidina azy ka hidirantsika amin'ny fizarana fahefatra amin'ity alina masina fiaretan-tory ity.

Ny fizarana fahefatra dia ny fankalazana an'i Jesoa Kristy mofon'aina mamelona antsika, mamelona an'izao tontolo izao ary ho zary tabernakla miaraka amin'i Kristy tafatsangan-ko velona ihany koa isika ka mitondra ny mofon'aina mamelona an'izao tontolo izao. Manala an'izao tontolo izao ihany koa amin'ny fifandraisana tsizarizary teo aloha isika araky ny naverimberintsika nandritra ny karemy : hanatsara ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, ny fifandraisantsika samy olombelona sy amin'ny tontolo iainana. Izany no atao hoe miara-mitoetra amin'i Kristy isika sy itoerany. Izany no andrandraintsika amin'izao PAKA izao. Fitiavana, fanantenana, fihavanana, fifankatiavana ao anatin'ny fahamarinana, ao anatin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny amin'ny alalan'ny fikatsahana ny soa iombonana ka mitondra ny tena fiadanana marina izay ifampizarantsika amin'izao Paka izao vokatry ny fifandraisantsika samy olombelona. Hanova hihatsara ny fifandraisantsika amin'ny tontolo iainana mba hifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra, mba hahay hampifanaraka ny fiainantsika amin'ny zava-misy isika, hikolokolo isika satria izany no maha "génération de bâtisseurs" antsika, mpanorina isika fa tsy mpanapotika. Izany no vokatry ny Paka ho antsika, ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA TABERNAKLA VELONA tokoa isika.

Tanteraka izany raha mitoetra ao amin'i Kristy sy itoerany isika ka enga anie izao fankalazantsika ny alina masina izao, ny fiaretan-tory izay nandalinantsika tandindona marobe manambara ny "passage" miala amin'ny ratsy ka miditra amin'ny tsara, miala amin'ny fahafatesana ka miditra amin'ny fiainam-baovao, miala amin'ny haizina ka miditra amin'ny hazavana hanova tokoa ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ka hivelona amin'ny maha zanak'Andriamanitra isika, hanova ny fifandraisantsika samy olombelona ho oloaraiky ka hifanaja fa tsy sanatria ho mpandrava fa ho mpanorina ny Eglizy Olona Velona. Hiova ny fifandraisantsika amin'ny tontolo iainana, tsy hanapotika amin'ny alalan'ny doro tanety isika na hanapatapaka ireo hazo fa hikolokolo sy hikarakara, hamboly hazo ka manorina sy manaja ny tranobe iombonana amin'izay dia sady manorina Eglizy Tranon'Andriamanitra (ETA) isika no manorina Eglizy Olona Velona (EOV), izany no vokatra antenaintsika amin'izao Paka izao.

I Kristy tafatsangan-ko velona anie hanilo ny fiainantsika ka ho fahazavana ho an'ireo manodidina antsika tokoa isika. Mirary Paka Masina ho antsika rehetra. Masina ny Pakantsika raha eo anivon'ny fiainantsika sy ivon'ny fiainantsika I Kristy nandresy ny ratsy. Masina Maria sy Md Josefa anie hivavaka ho antsika mba ho "départ vaovao" tokoa izao Paka izao. Mitsodrano anareo aho ary mivavahà ho an'ity mpanomponareo. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson